Fort-Dauphin, faha-30 novambra 1975

KABARY FAMPIHELEZAN-KEVITRA NATAON'NY PRDM TANY FORT-DAUPHIN TAMIN'NY 30 NOVAMBRA 1975

Ry vahoaka malagasy,

Taona maro nifanesy no nievaeva hatrany ny fiainam-pirenena ka nahatonga ny fiainam-panjakana ho tandindomin-disadisa lava izao. Tsy tambo ho tanisaina avokoa ny anton'izany fa ny tena nivandravandra tamin' izy ireny ihany angamba no tsara hotsiahivina am-pandalovana.

Tao ny fifandrafiana ankolafin'olona toa mpiara-dia raha jerena ivelany fotsiny.

Tao ny fifamelezana nohon'ny tsangan-kevitra tsy mitovy. Tsy vitsy koa ireo marivo salosana mihinana amam-bolony nohon'ny fitiavan-tena diso tafahoatra.

Nipoitra koa tato afara ireo nihevi-tena ho hany manana ny marina ka fatra-panao torinteny namelively, nanatsikera, namporisika mihitsy aza ny mpiray firenena hifankahala sy hifampifofo.

Dia re ombieny, ombieny ny karazam-peo sy antsoantso fanakiviana, fandemena, fanasaritahana mba hampiraviravy tànana ny vahoaka, hanampenam-bava azy, hampitsaha-mandroso ny herim-panavotana, hampiverina ilàlana ny fientanam-pirenena.

Tsy takona afenina fa ny voka-dratsin'ny fanjanahana mahery vaika nianjady tamin'ny Malagasy no niteraka sy nampahazo laka izany toe-tsaina mamoa fady izany.

Tsy azo lavina koa fa ireny fihetsika amam-pisainana ratsy ireny dia nokolokoloin'ny tia tena, mpanao am-pihi-mamba sy rapa-dango ary mpandroba, ho enti-mamelo-maso ny tombon-tsoa mihoa-pampana nolovàny tamin'ny fitondran-janatany, ka hiadiany fo mafy arovana hatramin'ny farany.

Na dia teo aza izany fiandaniana sy fifandraisan-tendro izany, dia tsy solafaka ny dian'ny vahoaka, fa vao maika mihamafy ny fifandonana ary dia indro nipaoka tamin'ity taona ity ny otrikin'ny tetika maizina rehetra.

Nandia fotoan-tsarotra, feno tebiteby tokoa isika Malagasy, tamin'ny fiandohan'ity taona ity, satria nandindona ny ady an-trano ary saika rava mihitsy ny firaisam-pirenena.

Nefa masina ny Tanindrazana ka tsy fefika isika, tsy rava ny Fanjakana, tsy niverin-dia ny tolona, vao mainka aza nihoitra ny herin'ny liam-pandrosoana ka tsy hay notohaina ny revolisiona fa nidi-tsehatra tamin'ny 15 jona 1975.

Niserana ihany ny rahon-dratsy nitatao. Mazava ankehitriny ny vodi-lanitra. Tsinjo ny làlan-kombana. Milamina ny firenena. Mihamafy orina ny Fokonolona sosialista. Fandresena ho antsika izany.

.../...

izay voambara tery am-piandohana.

Notsindrin-daona lava izao isika, ary tsy nitera-boka-tsoa afa-tsy ho an'ny mpanasaritaka izany toe-javatra izany.

Ny firenena rehetra nandroso, isika kosa lany andro teo am-pisikinana, satria nibahan-toerana loatra ny adidy politika sy ny fanarahana tsangan'olona, fa tsy fanohanana tsangan-kevitra.

Tsy ho tanteraka ny fanavotam-pirenena, ny fanavaozana ny rafi-pitondrana ary ny fanarenana ny toe-karena, raha mbola tandindon'ny fisalasalana sy ny hevitra sadasada ary ny fihazohazoana isika mianakavy.

Mitaky fototra tsara orina ny fanatanterahana ny revolisiona ka tsy afaka hianina intsony amin'ny vonjimaika sy ny teteza-mita lava izao.

Koa satria ny vahoaka no Fanjakana, satria ny fitambaram-benareo olom-pirenena no mirakitra ny fiandrianana tsy refesi-mandidy sy ny fahefan-drehetra eo amin'ny tany sy ny Fanjakana, dia mitodika amim-panajana aminareo vahoaka malagasy tsy vakivolo aho, manolotra mivantana anareo ny fitenonana hanehoanareo mazava ny safidinareo.

Marina fa aman!alina ny isan'ny taratasy sy telegrama fanohanana sy fiandaniana amin'ny revolisiona sosialista voarainay avy amin'ny isambatan'olona, sy isam-pikambanana, sy isam-pokonolona.

Marina fa nanao rodobe hianareo nankato ny soritr'asa revolisionera sosialista araka izay efa hita sy tsapa eran'ny renivohi-paritany rehetra nalehanay.

Mankasitraka, Tompokolahy, mankatelina, Tompokovavy, ireny maripitokisana mavesa-danja ireny izaho zanakareo vahoaka.

Nefa averiko indray ary amafisiko ho ren-tany, ho ren-danitra, fa mila rafitra mafy orina, mila fototra maharitra, mila fifehezan-tena, mila filaminan-tsaina ny fampiharana ny tetika ankatoavinareo. Mila fitondram-panjakana vonona, tapa-kevitra, revolisionera, ny fampandrosoana haingana ny Tanindrazana.

Koa raha tiantsika hiroso hatrany ny firenena, raha tiantsika ho tanteraka ny fiaraha-monina vaovao, raha vonona hampanjaka ny rariny sy ny fitoviana ary ny firahalahiana isika, dia tokony ho vonona koa hananganana rafi-pitondrana vaovao hampijoroana ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Ho voafaritra mazava amin'izay ny safidinareo vahoaka, ho voafaritra mazava koa ny andraikitray sy ny tanjona tsy maintsy tratrarina.

Indro ary atolotra anareo am-pahibemaso ny "soritr'asan'ny revolisiona sosialista malagasy". Atolotro ho tsarainareo. Atolotro ny safidinareo.

Ary satria iray tsy mivaky ny revolisiona, dia efa hita taratra mazava ao anatin'io soritr'asa io ny fandaminana sy ny rafitra ho entimanangana ny sosialisma.

Tahaka ny vary sy ny rano ny rafitra sy ny soritr'asa, koa mazava loatra fa tsy azo sarahina ny foto-kevitra sy ny fitaovana.

.../...

Miaraka amin'ny soritr'asa dia hodinihinareo, hankatoavinareo ny lalàm-panorenana raikitra hifehy ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Ary satria ny revolisiona tsy mandeha tsy voizina toa lakanjila, fa mila mpiambina, mila mpiantoka, mila mpanatontosa, dia nanapakevitra tamim-panetren-tena tanteraka aho fa hanolotra ny tenako sy ny saiko ary ny herim-poko rehetra ho enti-manompo anareo vahoaka.

Izany mantsy no ahafahantsika miara-manangana fiaraha-monina vaovao, anjakan'ny fahamarinana sy ny fitovian-tsaranga, raha toa izany no sitrakareo, ka toloranareo ahy amin-kalalahana tanteraka ny fitokisanareo.

Aoka ianareo no hitsara sy hisafidy.

Tsy mba ronono an-tavy, na fampanantenana volana, na fampanaovana dia miverina, sanatria, no ijoroako eto imasonareo. Fa fanomezan-toky hampihatra tsy misy hambahamba ny soritra sy ny fandaminana aroso izay tsy misy safelipelika, fa toa loa-bary an-dasy.

Revolisiona sosialista ho enti-manorina firaisan-kina, fihavanana, fandrosoana ary fahasambarana ho an'ny isam-batan'olona tsy misy avakavaka.

Revolisiona hampitovy tantana ny fitsinjarana ny soa sy ny mamy eo amin'ny mpiray tanindrazana rehetra.

Revolisiona hamongotra ny zara-vilana, ary ny fialonana na fireharehana aterak'izany, mba tsy hisy intsony ny fifandrafiana, ny fifampitsiriritana ary ny tsy fifampitokisana eo amin'ny samy Malagasy.

Dia hilamina fehizay ny tany ama-monina, hitsahatra ny tebiteby sy ahiahy, hanjaka ny fifehezan-tena sy ny fifanajana eo amin'ny samy mpiara-belona.

Najoro ho didy velona koa ny fanajana ny hasin'ny olombelona sy ny fikatsahana mandrakariva izay rehetra hahatongavany eo amin'ny fahafahana sy ny famendrehana, satria ny fahasambaran'ny olombelona no tanjona farany tsy maintsy tratrarin'ny revolisiona.

Dia toy izany koa no anoloran'ny lalàm-panorenana ny zo rehetra ho an'ny olom-pirenena mahefa adidy, na eo amin'ny finoana amam-pisainana, na eo amin'ny asa aman-draharaha, na eo amin'ny fanovozam-pahendrena sy fahalalàna, na an-tsaha, na an-tanànan-dehibe.

Fahiny ireny zo aman'andraikitra ireny dia nosoritana ho toy ny fanambarana ankapobe tsy manan-kery fa mampangetaheta ambony lakana fotsiny.

Ny lalàm-panorenana sosialista atolotra antsika mianakavy anio kosa dia mandraikitra izany ho tena fara-tampony eo amin'ny tany sy ny Fanjakana, ka tsara antoka sady tsara mpiaro ny isam-batan'olona, ny olom-pirenena mahatsiaro adidy.

.../...

Vahoaka matotra, sady mendrika, isika Malagasy, koa na oviana na oviana tsy ho solafaka eo amin'ny dia natoron-janahary antsika.

Amim-pilaminana, amim-pahamendrehana, amin-tsaina sy fo tony no hifanaovantsika amim-pirahalahiana mandritra ny roa tokom-bolana.

Samy hanaja ny hevitry ny hafa isika, samy hitandro ny filaminana, samy hampangina ny tendrom-po, fa ny soa sy ny ho avin'ny Tanindrazana no foto-draharaha.

Ary raha tonga ny alahady faha-21 desambra 1975, izay ho vanin' andro hananan-tantara eo amin'ny fizotry ny fiainam-pirenena,dia aoka isika rehetra hanefa ny adidy maha-olom-pirenena antsika ao anatin'ny fandinihina lalina ny tombon-tsoa sy ny ampitson'ny tanindrazana, ka hanga-ta-pitahiana ho azy amin'Andriamanitra sy ny razana, mba ho tsara vimbina ka hifanantitra amintsika zanany rehetra.

Ny revolisiona tsy mba fankahalana sady tsy manangan-drafy, fa mitarika kosa fanandratan-tsaina sy fanandratam-panahy, hampivelatra ny maha-olona ny olona ary hampiroborobo ny maha-Malagasy ny Malagasy.

Raha izaho no diso fandika ny hetahetanareo dia aoka hivalona ho an'ny tantaran'ny fanavotam-pirenena ny fahavononako izaho samy irery.

Mino anefa aho, matoky aho fa tsy ny mpanohitra an-kolaka na mi-vantana ny revolisiona sosialista mihitsy no ho to-teny eo aminareo, satria tsy handà fivoarana, tsy handà fandrosoana, tsy handà tombon-tsoa ianareo vahoaka.

Na oviana na oviana aho tsy hamita-bahoaka ary havaoziko sy ha-mafisiko eto indray izany velirano izany.

Anareo ny safidy, ry vahoaka !
Aza mandraraka ilo mby an-doha !
Masina ny Firenena !
Ny Malagasy rehetra no mahavita azy !
Tsy handohalika mandrakizay ny Malagasy !